

**VAVAKA FANGATAHANA NY HANANGANANA HO OLONTSAMBATRA AN'I MASERA M. PLAUTILLA (5 Oktobra)**

Ry Trinite Masina, Ray, Zanaka sy Fanahy Masina ô, Ianao izay nandrehitra ny afom-pitiavanao miredareda tao am-pon'ny Venerable **Masera Marie Plautilla**,

mitsaoka Anao sy misaotra Anao izahay tamin'ny nanomezanao anay azy ho modely mamirapiratry ny fahamasinana sy sakrifisy ankafaliana.

Ampio izahay mba hirehi-pitiavana toa azy, "*jiro velon'ny*" fitiavana an'Andriamanitra sy ny namana, mba hanafaka alahelo ireo mijaly, hanasitrana ireo marary, hitory ny Vaovao Mahafaly amin'ny mahantra.

Hankaherezin'ny ohatra omeny sy ny vavaka ataony, no hitalahoanay am-panetren-tena Aminao mba hanome voninahitra eto an-tany koa ny mpanomponao mahatoky, ary mba omeo anay ny fahasoavana izay angatahinay Aminao am-panetren-tena...

***Voninahitra anie .....***